KABARY NATAON'NY PREZIDAN'NY REPOBLIKA
DIDIER RATSIRAKA
NY 09/02/97 TAO IAVOLOHA

Misy oha-teny betsileo iray izay manao hoe:

« Tsangatsanga tsa madigna, fa ny dia raha misy fotony!... »

Koa tafahaona eto indray isika mianakavy, tsy noho ny kisendrasendra, fa noho ny fandaharana mahagaga, tsy takatry ny saina, nataon'ilay nahary ny zavatra rehetra, sady mihazona ny zavatra rehetra amin'ny heriny tsy toha.

Hatao ahoana tokoa no.tsy ho resy lahatra, raha mitodika ny zava-nitranga teto 7 taona lasa izay,

« Fa ny zavatra rehetra dia miara-miasa hahasoa izay tia an'andriamanitra... »

koa:

« Tokony hisaotra azy, amin'ny zavatra rehetra...! » isika.

Moa tsy mampahatsiahy irony mpifankatia mifamolaka irony tokoa ve, izahay sy ny vahoaka malagasy, ka rehefa tafasaraka vao tena mifankamanina, ary akory ny hamamin'ny fihaonana!...

« Koa asandratro ho anao r'ilay tsitoha, ny fiderana, sy ny fankalazana ambony indrindra takatry ny foko sy ny saiko, fa ianao tokoa no manjaka amin'ny firenena rehetra,

Ka manala izay tianao halaina, ary mametraka izay tianao hapetraka!...

Ary tsy misy tokoa, fahefana raha tsy avy aminao!...

Koa, ho anao mandrakizay anie ny saotra, sy ny dera ary ny voninahitra tsy manam-pahatamperana!... amen!...

Ry vahoaka malagasy,

Tompokolahy sy Tompokovavy,

Izay no ela hoy ny mpikabary, fa:

Voninahitra tsy roa aman-tany, sady fifaliana tsy omby tratra ho anay tokoa, izay nametrahanareo fitokisana indray, hitarika ity firenena malalantsika ity,

Ny misaotra eram-po, eran-tsaina, eram-panahy anareo vahoaka malagasy tsy vaky volo, na nifidy na tsy nifidy anay, mba ho filoha vaovaon'ny malagasy rehetra, fa izany no lalan'ny demokrasia,

Eto dia mamela ahy ianareo, mba hisaotra manokana ireo nifidy sy nampifidy ahy, indrindra ireo mpiara-mitolona hatrizay, fa sitraka enti-matory ny nataonareo, ka hovaliana raha mahatsiahy.

Miala tsiny manokana amin'ireo namana arema ny tenanay, fa noho ny fanajana ny lalam-panorenana, dia tsy maintsy mandao ny fitarihana ny antokontsika ny tenako, kanefa mahereza fa eo anilanareo mandrakariva ny fo amam-panahiko.

Eto amin'ny vanim-potoana manan-tantara amin'izao tontolo izao tokoa mantsy isika izao,

Dia ny andaozana ny taon-jato faha 20 ,ka idirana ao amin'ny taon-jato faha 21,

Vanin'andro mavesa-danja ho an'ny rehetra tokoa izany satria:

Tao ny nihevitra fa ny taona 2000 no fiafaran'izao tontolo izao,

Ao ny sasany mandray ny taon-jato faha 21 ho taom-pandresen'ny sain'olom-belona ka hifehezany ny voahary amin'ny alalan'ny informatika sy ny siansa isan-karazany, ka hanakekezany hatrany ny sain'ilay nahary azy.

Ao koa ny sasany toa antsika eto madagasikara, izay eo am-pitadiavana ny lalan-kaleha, sy eo am-pikarohana ny anjara masoandro,

Na dia, an-daniny, vesaran'ny farasisa navelan'ny tantara, ary an-kilany, tsy maintsy miatrika ny fifaninana ara-toe-karena iraisam-pirenena.

Iaraha-mahita toy ny tafika andrefan-tanana tokoa mantsy

ny fidangan'ny vidim-piainana izay niteraka fahantrana tsy roa aman-tany

ny tsy fisian'ny fandriam-pahalemana ka tsy ahafaha-mamokatra intsony ary mampandry an-driran'antsy na an-tsaha na an-tanana

ny tsy fisian'asa ka manosika ny tanora sasantsasany handeha amin'ny lalana tsy izy

ny fikorosoan'ny fihariana amin'ny an-kapobeny

ny fikorosoan'ny maha-olona

ny fahasimban'ny tontolo iainana

Tsy fotoana hitsikerana ny anton'izany izao, na dia iaraha mahatadidy aza ny toerana nisy an'i madagasikara tamin'ny fotoana nanalana ny fahefana taminay, 7 taona lasa izay !

Fa izay mahamaika ankehitriny dia ny fikarohana ny vaha-olana hoenti-manarina ny firenena

Tsy hanao fahagagana akory izahay, fa matoky kosa ny fahavononan'ny malagasy hiara-misikim-ponitra aminay, hanorina ho avy mendrika sy mifanentana amin'ny voninahitry ny maha-malagasy, araka ireo programa nandanian'ny vahoaka anay.

Manome toky kosa ny tenanay, fa hanao izay manandrify ny fitondram-panjakana, hametrahana ireo rafitra rehetra hanentanana ny fampandrosoana,

Toy ny famolavolana miaraka amin'ny solon-tenan'ny vahoaka, ny lalana fototra

hifampifehezana eto amin’ny firenena

Ny fampanantonana ny fanjakana any amin’ny vahoaka, izay hanana ny fahefana marina (decentralisation)

Ny fametrahana ny foto-drafitra, (lalana, barrages, fifandraisan-davitra sns...),

fanofanana mifanandrify amin’izay ilain’ny fampandrosoana,

fanamorana ny fampisamboram-bola ho enti-mamokatra, indrindra ho an’ny tantsaha sy ireo orinasa madinika sy salantsalany,

fanafainganana ny fametrahana ireo tobim-pahasalamana misy fanafody amin’ny vidiny mirary

famaritana ny lalana hisian’ny fifaninana madio

fandaminana ny politikan’ny hetra hifanentana amin’ny tanjon’ny fampandrosoana

sy ny sisa ,tsy ho voatanisa an-tsipiriany eto...

Manainga kosa izay rehetra vonona, na vahiny na tera-tany, na fikambanana, na isam-batan’olona, indrindra ny tanora sy ny tantsaha, hirotsaka amim-pahatokiana, hiara-misalahy amin’ny fampandrosoana, fa izany ihany no lakile tokan’ny fanatsarana ny fari-piainan’ny isan-tokantrano.

Raha tanteratsika ireo, dia tsy ho nofinofy intsony ny hahatonga an’i madagasikara ho « dragon de l’océan indien » nolazaiko, ampian’ny fitahian’andriamanitra, sy ny fanohanan’ireo mpamatsy vola vahiny sy ireo firenena sakaiza.

Izany rehetra izany, dia hataontsika ao anatin’ny fahalalahana sy sehatra tsy misy fiangarana iantohan’ny fanjakana tan-dalana, sy hitandro mandrakariva ny marina, fa tsy sanatria hanao bingo manao matso, ka hisalovana ny anjaran’ny mpamokatra, nefa kosa vonona hampihatra tsy amin-tahotra ny lalana, raha misy tsy manaja ny fitsipi-dalao.

Efa nambaranay koa anefa ombieny ombieny, fa manana voahary tsy roa aman-tany isika, izay tsy maintsy kajina toy ny anakandria-maso, mba ho lovain’ny taranaka fara aman-dimby, ka ny tetika fampandrosoana rehetra dia tsy maintsy hametraka izany ho tarigetra tsy azo ihodivirana.

Izany no antony ikasanay hampidirana ny fikajiana ireo harem-pirenena ireo, izay mampalahelo ankehitriny fa efa mila ho lany tamingana ny sasany, ho anisan’ny fenitry ny fandaminana ny firenena mihintsy, ka hananganantsika ny repoblika ekolozika voalohany eran-tany.

Azoko ambara tsy amim-pihambahambana koa anefa, fa:

Ho nofinofy ihany, sy tetika ambony latabatra fotsiny izany rehetra izany, raha tsy ny olom-belona, izay vy- miaina manosika ny fampandrosoana, no mahatsapa fa ho azy aloha no anaovany ny zavatra rehetra,

Koa izany no manosika anay hametraka ny « maha-olona » ho anisan’ny fenitra hamaritra ny fanjakana hapetrtsika, ka ho :

Republique Humaniste et Ecologique Décentralisée i Madagasikara, atsy ho atsy, raha sitratsika rehetra.

Raha resahina anefa ny maha-olona izany, dia ny fahafahana indrindra no vontoatiny voalohany indrindra,

Ka raha momba ny tenenay manokana, dia sahy mirehareha izahay, fa raha mba nisy nanaisotra ny censure voalohany teto amin'ity firenena ity, dia tsy ho azo kosehina amin'izany ny anaranay.

Tsara koa anefa ny hanamarihana, fa efa tany amin'ny taona 1962 no napetraka teto ny censure, ka izany no ambara dia mba tsy hahatonga ny sasany handiso ny tantara, toy izay saika nahazatra indrisy tato ho ato.

Ilaina koa ve ny hampahatsiahy, fa ny lalana voalohany mamaritra ny fahalalahan'ny antoko politika, dia noraisina tamin'ny andronay.

Izany rehetra izany no ambara, dia ho fanamafisana fa tsy izao indray sanatria vao hiverin-dalana amin'ny fahalalahana isika .

Tongotra mby an-dakana ny demokrasia malagasy ka tsy hiverina intsony.

Tsy ho tanteraka anefa izany, raha tsy isika mianakavy no miara-mientana, sy manao soroka miara-milanja ao anatin'ny firaisankina sy ny fifankatiavana, ka tsy hisy hatao an-jorom-bala noho ny heviny, raha atao amim-panajana ny hafa ny fanehoana izany.

Efa foin'andriamanitra ho nosy tokoa mantsy ny tanintsika, ka tsy azo ekena ho voasaratsaraky ny hevitra tsy mitovy, ka tsy maintsy mifandefitra sy mifanaja isika, fa velona iray trano tokoa, ary maty iray fasana, ato anatin'ity tranoben'i madagasikara ity.

Farany, dia matoky ny fanohanan'ny tsara sitrapo rehetra araka ny antso nataonay, ny tenako, ary misaotra sahady izay rehetra namaly izany, fa hery lehibe hanosika anay, hahato ny faniriantsika mianakavy,

Dia ny fanantenana madagasikara vaovao, mandroso tsy miato, manana ny toeram-boninahiny indray eto anivon'izao tontolo izao, ka hirin'olona , fa tsy haniry olona.

Ho ela velona i madagasikara,

Misaotra Tompokolahy, Misaotra tompokovavy